## *EKEKO NY HITIA*

Jesôsy ô, ekeko ny hitia
Satria ianao efa nitia(Jesôsy ô!)
Ny tsy tia efa notiavinao
K'izaho indray ve Tompo no handa

Jesôsy ô, manaiky aho ny hivavaka
Dia vavaka efa nanenjehana anao(Jesôsy ô!)
Niaritra ianao, novonoina, nohomboina
Dia izaho indray ve Tompo no handa

***Ref:***
Fa enjika sy famonoana, fihokoana
Ary lefona latsa sy rora, akora e!
Ny mafy maningotra aina, nozakaina
Nolovaina aminay ny taraina
Ka entinay
Ekeko, eny Ray ô!
Hanaraka Anao, ekoko izao
Fa sitrakao
K'izaho indray ve Tompo no handa

Jesôsy ô, mino aho fa rahatrizay
Amin'ny andro hiverenana indray(Jesôsy ô!)
Feon-trompetra, fitsarana hataonao
Jesôsy ô, hananganana ahy ianao.